MIARINARIVO 4

# JIOLAHY AZO SAMBO-BELONA MATY VOADAROKA


MARINA IZANY ! 7

## AHIANA TSY HO VOAFEHY !

IZY NO IZY 4

MISHAH

## NOFINOFINY FAHAKELINY NY HANAMPY NY SAHIRANA




# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7475 Taona faha-24 **Vidiny: 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Zoma 20 janoary 2023


TOMPONDAKAN'I MADAGASIKARA



2

## MEDALY VOLAMENA 4 NO AZON'NY TAEKWONDO SAB NAM

RIVODOZA CHENESO 3

# ZAZALAHY 10 TAONA NATELIN'NY RANO, TAFAKATRA 2 192 NY TRABOINA

HETSIKA IOMBONANA HO AN'NY FANARENANA IFOTONY

ONIVERSITE FJKM RAVELOJAONA



3

## LANONANA ROA SOSONA OMALY TETSY MAHAMASINA



7

# MANDRAHONA NY HITARIKA OLONA HIDINA AN-DALAMBE

POOPY 2



## HANKALAZA NY 40 TAONA NIHIRANY




Poopy

# Hankalaza ny faha-40 taona niakarany an-tsehatra amin'ity taona ity

Taona manan-danja be eo amin'ny tantaram-piainanan'ny tarika Poopy ity taona ity. Amin'ity taona ity mantsy no feno 40 taona katroka ny niakaran'izy ireo an-tsehatra. Mbola tsy fantatra na aiza na rahoviana kosa aloha hatreto ny hankalazana izany, saingy mampanantena kosa ity mpanakanto ity fa tsy maintsy hanolotra zavatra goavana sy miavaka be ho an'ny mpankafy izy ireo hanamarihana izany. Raha tsiahivina kely dia ny taona 1983 no niakatra an-tsehatra voalohany ny tarika. Tamin'izany dia efa betsaka ireo nankafy an'i



Manome fotoana antsika tsy ho ela i Poopy.

Poopy ary mbola maro amin'izy ireo hatramin'izao no mijanona ho mpankafy hatrany. Mbola maka hevitra amin'ireo mpankafy azy ireo indrindra ity mpanakanto ity amin'izao ny amin'izay toerana hanaovana ny fankalazana ka dia hampahafantariny miandalana eo ihany izany araka izany. Mahakasika ny fampisehoana hataony kosa anefa dia efa azo azo an-tsaina ihany fa hanao tsiaro kely ny tarika mandritra ity fankalazana ity, izany hoe ireo hira taloha, niandohan'ny tarika mihitsy no hahazo vahana kokoa ao anatin'izany.

**Tanya.R**

Taekwondo - Tompondakan'i Madagasikara

# Medaly volamena efatra no norombahin'ny klioban'ny Taekwon-Do WT SAB NAM

Tsy ny baolina kitra irery ihany no mampalaza ny tanora eny amin'ny faritr'i Sabotsy Namehana fa ny haiady taekwon-do ihany koa. Nandritra ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara 2022, notanterahina tany Toamasina tamin'ny 5 – 6 – 7 janoary 2023, dia norombahin'ny mpikatroka tao amin'ny klioban'ny Taekwon-Do WT SAB NAM ny medaly volamena 4, niampy medaly volafotsy 5 sy alimo 3. Atleta 15 no nandray anjara tamin'ny fifaninanana ka 14 ny mpikatroka ary 1 kosa no nanao " Poomsae ". Noho ny fiarovan'izy ireo ny voninahitry ny kaominina dia noraisin'ny ben'ny tanàna Andriamosa Avotraina izy ireo. Nidera ny fahaizamanaon'ireo ankiziny izy no sady nankasitraka sy nisaotra azy ireo teny amin' ny birao fiasany. Tetsy andanin'izany dia nisaotra ny mpitantana ny kaominina ihany koa ny filoha sy ny mpanazatra ary ny ray aman-drenin'ny mpilalao tamin'ny fanohanana natao tamin'izy ireo, izay nanamora ny dia sy ny fivahiniananana natao tany an-toerana.

**a.r**



Mirobrobo ny taranja ara-panatanjahantena eny SAB NAM !

CHAN 2022

# Lavon'i Ouganda i Sénégal

Mipoitra hatrany ny tsy ampoizina, mandritra ny lalao fifanintsanana isambondrona amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny CHAN 2023 tanterahina any Algerie. Tao anatin'ny vondrona B dia lavon'ny « Crânes » ogandey tamin'ny isa 1 no ho 0, afak'omaly, ny Lion'i Teranga-n'i Senegal, izay heverin'ny mpankafy kitra fa henjana aty Afrika. Manana isa 4 i Ouganda ao anatin'ny vondrona B. Nisaraka samy tsy nisy nahavaky atody, toy ny tamin'ny andro voalohany hatrany koa i RD Congo sy Côte d'Ivoire. Araka izao voka-dalao izao dia mitana ny laharana faha-4 farany i Senegal, ary mitarika i Ouganda. Momba ny Barea de Madagascar kosa indray, dia mitaona ny sain'ny mpiray tanindrazana aminy ny mpanazatra Romuald Rakotondrabe "Rôrô", hanome fitonian-tsaina sy hankahery hatrany ny mpilalaontsika. Tsy haneho teny masiaka fa hanome teny mamy azy ireo, izay tsy iadiana hevitra ny fahamarinany. Soritana moa fa miankina tamin'ny fihaonan'i Ghana sy Soudan, halina, ny hoavin'ny ekipampirenentsika.

**Fandaharan-dalao anio**

7 ora : Angola # Mauritanie (D)

10 ora : Congo # Niger (E)

**a.r**

HOTSAKOTSAKOINA
«Alokaloka maharitra, sakafo tsara sy azo antoka ny nonondreny, fa fialofana ombieny.»
Ny Vetso (25.02.14)
(«L'asile le plus sûr est le sein d'une mère.» Laurian)

Boboh Mahavanona sy Tonton Pà

# Hiray sehatra etsy amin'ny T-Club 67 ha

«Tafaray – 2023 ». Io no lohatenin'ny fiakarana an-tsehatra hiarahan'i Boboh Mahavanona sy Tonton Pà, etsy amin'ny efitrano filanonan'ny T-Club 67ha atsimo. Hiavaka tanteraka izy io, satria maro ny zavatra tsy ampoizina homanin'izy ireo ao anatin'ity hetsika ity. Voalohany aloha, samy hitondra ny vazony izy mirahalahy. Fa ankoatra izay dia hisy ny fampiaraham-peo ary hisy ihany koa ny fifanakalozana vazo, arakaraka ny ambiansy. Ny toerana rahateo somary kelikely, ka azo antoka fa vetivety dia hafana ny fiarahana ao anatin'izany. Faharoa, hanomboka amin'ny 2 ora folakandro ny fotoana, izany hoe fotoana hahafahan'ny rehetra mialavoly, ka afaka mody mialoha izay tsy afaka mandeha alina noho ny tsy fandriam-pahalemana.
Toeram-pilanonana vaovao eo amin'ny 67ha atsimo ity T-Club ity, ka tanjon'izy ireo ny hanome sehatra ny vazo miteny sy ireo mpiangaly hira madinika izay tsy mahazo laka firy eto an-drenivohitra. Ry Boboh Mahavanona sy Tonton Pà izany no hisantatra ny fampialana voly anio. Santatra am-bavarano ihany fa ny manetsabe mbola ho avy hifandimby ao.

**Fy**

Handball - IHF Trophy junior

# Nandresy fa tara loatra ny AKIO

Tamin'ny isa 38 no ho 30, omaly tatsy Congo Brazzaville, no nandresen'ny AKIO de Madagasikara ny ekipampirenen'i Zimbaboe, tafiditra amin'ny fiadiana ny IHF Trophy junior, taranja Handball. Azo lazaina fa fahombiazana ho an'ny ekipam-pirenena malagasy izany, izay tsiahivina, fa nioty faharesena hatrany tamin'ireo lalao telo voalohany nataony, dia teo amin'ny andro voalohany, lavon'i Roandey tamin'ny isa mavesatra 50 no ho 29. Nitohy teo amin'ny andro faharoa izany, ka ry zareo Nizeriana indray no nandresy ny AKIO, tamin'ny isa 51 no ho 30. Teo amin'ny andro fahatelo, niondrika nanoloana an'i Congo mpampiantrano, tamin'ny isa 43 no ho 19 ny ekipam-pirenena malagasy ary dia iny fandresena nanoloana an'i Zimbaboe iny no vokatra azony omaly. Mbola hidona amin'ny ekipampirenen'i Guinée moa ny AKIO de Madagasikara anio, ka hiankina amin'ny vokatra ho azony eo no hamaritra ny toerana farany hisy azy, nandritra ity fifaninanana kaontinantaly ity. Raha hiverenana dia izay firenena mahazo ny laharana voalohany ihany no hahazo ny tapakila amin'ny dingana famaranana ny IHF Trophy. Hatreto dia lavitra ary mbola sarotra ho an'ny AKIO de Madagasikara ny hahazo izany toerana izany. Raha ny nambaran'ny teknisiana iray dia ny haben'ny vatana sy tsy fahazarana miatrika lalao iraisam-pirenena no antony. Tsapa ihany koa fa mihaotra be ny mpilalao, ka lasa manary baolina sy manarinary fotsiny ireo baolina maro tokony hovonoina. Nambaran'ity teknisiana ity hatrany fa ny fampiakarana ny lentan'ny "travail" hampanaovina any anaty klioba no tokony himasoana. Ankoatra izay, mila ampiakarina ny lentan'ny fahaizamanaon'ny mpanazatra, ary tokony hampitomboina ny fifaninanana.

**Rabenaivo**

## Zoma mahafinaritra

**Rija Ramanantoanina**

### Hanainga fanahy etsy amin'ny Piments Café

Anio amin'ny 8 ora sy sasany alina etsy amin'ny Piments Café Behoririka no hifamotoana amin'ny mpankafy azy i Rija Ramanantoanina. Hitondra mozika manainga fanahy izy amin' io fotoana io ary hanampy azy amin'izany ireo mpitendry zavamaneno manana ny maha izy izay, ahitana an'i Fy Rajaofetra hitendry Piano, Nali Rabarison hively ny amponga maro anaka, Rindra Rakotosaonina hitendry gitara beso. Hitondra ny orga diamondra sy hitendry azy i Rivo Rakotoarimalala

**Khaleba**

### Ambiansy tropikaly eny amin'ny Jao's Pub

Ambiansy tropikaly no hatolotr'i Khaleba eny amin'ny toeram-pilanonana Jao's Pub Ambohipo anio hanomboka amin'ny 8 ora sy sasany alina. Mandritra ity seho ity ihany koa no hifampiarahabana noho ny taom-baovao eo amin'ny mpankafy sy i Khaleba ary ireo mpiray tarika aminy. Efa vonona hitondra ireo hira nahafantarana azy i Khaleb ka anisan'izany ilay hirany hoe "Vadiko tiako" sy "Manegny" sy ireo maro samihafa. Zoma faran'ny herinandro io ka sady hanala vokona noho ny asa aman-drahararaha nandritra iny herinandro iny no hanomana ny herinandro voavao indray.

**Robin Kafirah Gasy**

### Hanolotra seho miavaka eny amin'ny Is'Art Ampasanimalo

Mpanakanto mivoy ny mozika manamarika firenena telo i Robin Kafirah Gasy. Afangarony anaty gadona iray ohatra ny maloya, izay mampiavaka ny nosy rahavavy La Réunion sy ny mozika malagasy ary ny afro. Hanolotra fampisehoana miavaka eny amin'ny La Teinturerie- Is'Art Galerie Ampasanimalo izy anio hanomboka amin'ny 8 ora alina. Tsy misy vidimpidirana ity fampisehoana ity fa hatolotra maimaimpoana ho an'ny mpankafy sy ny mpanjifa ao amin'ny La teinturerie amin'izao taona vaovao izao.

**Nangonin'i Tiaray R**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 894 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

### Henan'omby amin'ny voatabia

**Zavatra ilaina :** henan' omby malemy 1/2kg, lafa-rina 50g, voatabia 6, tongolo gasy, tongolo be, menaka, divay fotsy 100ml, tavin-kisoa 100g, fromazy 50 g

Asio lafarina ny hena dia endaso amin'ny menaka sy dibera. Anatin'io lapoaly io ihany no anendasana ny tongolo rehetra dia raraho divay fotsy avy eo. Arotsahy ao ny voatabia dia aza hadinoina ny sira sy dipoavatra. Rehefa malemy ny hena dia alaharo ety ambony ny voatabia. Raraho fromazy avy eo. Azonao aroso amin'izao na koa atsofoka lafaoro. Azo hanina amin'ny paty na frity.

Rivodoza Cheneso

# Zazalahy 10 taona natelin'ny rano, olona 2 192 traboina

Niditra an-tanety, omaly, tao Avaratr'Antalaha, tamin'ny 11 ora maraina latsaka ilay rivodoza Cheneso. Olona 3 nandeha niandrika no rendrika tao amin'ny fokontany Ambolobozobe, distrikan'i Diego II, omaly. Rehefa natao ny fikarohana tamin' ny faritra nitrangan'ny loza dia hita ny 2 tamin'ireo, saingy ny zazalahy 10 taona niaraka tamin'izy ireo kosa no tsy hita popoka lasan'ny rano. Araka ny tatitra navoakan'ny BNGRC (Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes), omaly tamin'ny 4 ora hariva, dia tafakatra 2 192 ireo olona traboina tao amin'ny faritra Analanjirofo. Tondraky ny rano ny tokantrano 730 niavian'ireto traboina ireto. Tao amin'ny distrikan'i Maroantsetra avokoa ireo traboina ireo, ka nisy 214 tao amin'ny kaominina Ambinanitelo, 680 tao Andranofotsy, 1 268 tany Antakotako, ary 30 tany Ambanizana. Vokany, olona 214 avy amin'ny tokantrano 72 no voatery nafindra toerana. Raha ny fampitam-baovao azonay koa dia miakatra ny rano ao amin'ny distrikan'Antalaha sy Andapa.

**Ho levona an-tanety**

Niditra an-tanety tao avaratr' Antalaha omaly teo ho eo amin'ny 11 ora maraina ilay rivodoza Cheneso. Raha ny fizotrany dia mikisaka mianatsimo andrefana ny diany ary mahafaka 15km isan' ora. Mbola voasokajy ho "forte tempète tropicale" hatrany izy hatramin'ny ora farany nanoratanay. Manodidina ny 90km isan'ora kosa ny rivotra entiny miaraka amin'ny tafio-drivotra 120km isan'ora. Faritra efatra no tombanana handalovan'ity rivodoza ity, satria omaly tamin'ny 12 ora tao Sava ary midina mihazo an'i Sofia sy Betsiboka hatrany Bongolava izy. Hihena miandalana ny heriny amin'izao. Notombanan'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro fa vinavinaina ho levona an-tanety ny sabotsy na alahady izao ao Menabe i Cheneso. Mbola ho betsaka anefa ny rotsak'orana entiny satria mahatratra hatrany amin'ny 100 hatramin'ny 200mm ato anatin'ny 24 ora izany. Tokony ho mailo hatrany ireo faritra iva sy mora tondraka eo anatrehan' izany rotsak'orana betsaka izany. Tamin'ny 3 ora tolakandro, tany amin'ny distrikan'i Befandriana avaratra no nisy ny foiben'i Cheneso. Foana ny filazana miloko mena sy mavo fa mahazo filazana miloko manga i Diana, Sava, Analanjirofo, Sofia, Alaotra mangoro ary Atsinanana.

**R. Muray/Nath**

Oniversite FJKM Ravelojaona

# Mankalaza ny 5 taona nijoroany

Natomboka tamin'ny fomba ofisialy tetsy amin'ny lapan' ny kolontsaina sy fanatanjahantena Mahamasina ny faha-5 taona nitsanganan' ny oniversite Ravelojaona, izay eo ambany fiahian'ny FJKM, sady fotoana nanombohana tamin'ny fomba ofisialy ny taom-pianarana vaovao. Tsangambaton'izay 5 taona nijoroana izay, araka ny fanazavan'ny Dr Ratsimandisa Zo, Mpitandrina sady Rektoran'ny oniversite, ny fahavitan'ireo fotodrafitrasa telo hianaran' ireo ankizy. Mitohy ihany koa ny fanaparitahana ity oniversite ity any amin'ny faritra raha efa misy ny eto Antananarivo, Antsirabe,



**Nisy fanehoana ny talentan'ireo mpianatra omaly ary nofaranana tamin'ny fanompoam-pivavahana ny fankalazana.**

Moramanga, Mahajanga. Sampana sivy no ofanina ka anisan'izany ny sampana fahasalamana, fianarana pasitera, siansa maha olona, fitantanana sy lalana, injeniera sy BTP, informatika, fifandraisana marolafy, tontolo iainana, fizahantany ary ny anglisy. Tsy hamoaka mpianatra fotsiny no tanjon' ny oniversite FJKM Ravelojaona fa fanamby ny mba ho zavatra azo ampiharina ilain'ny fiarahamonina ny zavatra ampianarina. Tsy ho latsa-danja amin'izay sangany rehetra efa nivoaka ireo mpianatra ankehitriny fa afaka manangana orinasa ho an'ny tenany izy ireo, hoy hatrany ny fanazavan'ny Rektora. Misy 2 000 ny isan'ny mpianatra ary efa nisy ny famoahana Master tamin'ny farany teo. Nisy ny seho ara-koltoraly nataon' ireo mpianatra omaly, satria ankoatra ny fampiofanana akademika dia misy ny fampiofanana "para universitaire" toy ny dihy, hira, teatra. Nofaranana tamin'ny fanompoam-pivavahana hisaorana an'Andriamanitra ny fotoana.

**Nath**

Lisea Nanisana

# Tsy hiasa ireo mpampianatra raha tsy amin'ny alatsinainy izao

Tsy mbola nisy vokany ny hetsika nataon'ireo mpampianatra eny amin'ny Lisea Nanisana, izay nanomboka ny talata lasa teo. Nanamafy ireo mpampianatra fa tsy hiasa raha tsy amin'ny alatsinainy 23 janoary ho avy izao. *"Ny antony dia satria efa nivoaka ny tambinkarama ampahany tamin'ny notakianay fa tsy izy rehetra ary tsy izahay rehetra no hahazo an'izany fa olona vitsy ihany"*, hoy ny solontenan'ireo mpampianatra ao amin'ny Lisea Nanisana. Raha ny fantatra dia tonga teny amin'ity toeram-pampianarana ity ny talen'ny fampianarana ambaratonga faharoa ary tamin'izany ity tomponandraikitra ity no nilaza tamin' ireo mpampianatra fa efa nivoaka ny "vacation", ary nanomboka ny alarobia teo ny taratasy ahafahana maka ny vola (bon de caisse). Ny tambinkarama tamin'ny Bepc tamin'ny taona 2020 sy ny 2021 no efa nivoaka ka nandiso fanantenana an'ireo mpampianatra ihany ny zava-misy. *"Ny antony, raha tsy manao hetsika mafimafy tonga amin'ny fampiatoana ny fampianarana ve izany izahay vao mba hanome vahaolana faran'izay haingana ny Minisitera mpiahy sy izay vokasiky ny fitakianay. Zonay ny misitraka ny asa vitanay ka tsy tokony ho efa misy fitokonana vao mody hamonoana afo haingana ny mody amoahana ny volanay"*, hoy kosa ny mpampianatra iray hafa. Raha ny fahita matetika amin'ny fisian'ny hetsika ataon'ny mpiasa na mpampianatra na mpianatra amin' ny Minisitera isan-tsokajiny dia raha tsy efa tonga amin'ny dingana ambony ny hamafin'ny fitokonana vao avoaka haingana ny vahaolana izay matetika efa somary tara ihany. Tsy afaka mianatra nandritra ny enina andro ireo mpianatry ny lisea Nanisana noho ity fitakiana ny zony ity.

**Heriniaina A.**

Fandraharahana

# Hotolorana amboara ireo mpitantana sy orinasa mendrika

Mikarakara hetsika fankasitrahana ho an'ny tontolon'ny fandraharahana ny JPM (Jeune Patronat de Madagascar) sy ny "Mémento". Hotanterahina amin'ny 25 janoary ho avy izao, ao amin'ny "Le Louvre" Antaninarenina, ny lanonana iombonana amin'ny fanolorana amboara ho an'ireo mpandraharaha mendrika indrindra ao anatin'ny MILLENIALS andiany voalohany, sy ny amboara ho an'ireo orinasa mendrika indrindra ao anatin'ny *"ENTREPRISE DE L'ANNEE"* andiany faharoa. *"Ity andiany faharoa ity dia natao hanomezan-danja ny ezaka vitan'ireo orinasa nandritra ny taona 2020 sy 2021. Navahana araka ny habeny ireo orinasa nandray anjara. Anisan'ireo masontsivana nitsarana azy ireo ny lafiny fitantanam-bola, ny fitondrana ny mpiasa, ny raharaham-barotra, ny fivoarana sy fikarohana, ary ny fandraisana andraikitra eo amin'ny tontolo manodidina azy"*, hoy i Freda Rabarijohn, mpitsara amin'ny fifaninana. 15 ireo orinasa nandray anjara tamin'ity andiany faharoa ity raha teo amin'ny 20 tamin'ny andiany voalohany tamin'ny taona 2019. *"Kendrena ny hankasitraka ireo mpandraharaha na mpitantana orinasa nitondra fiovana teo amin'ny toekaren'i Madagasikara. Anisan'ny fepetra itsarana azy ireo ny fiantraika tsara eo amin'ny sehatry ny tontolo iainana, ny sôsialy, ny famirapiratana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ary ny fivoarana"*, hoy i Lilia Randriamifidimanana, filohan'ny JPM. Nanampy tamin'ny fanaovana ny fanadihadiana sy ny fanangonambaovao ny FTHM.

**R. Muray**

Fahamaizan-trano teny Vontovorona

# Nitondra ny anjara birikiny ireo maintimolalin'ny sekoly



**Nankasitraka ny fanampiana azo ireo mpianatra.**

Nanatanteraka fizarana fanampiana ho an'ireo mpianatry ny Polytechnique Vontovorona may trano tao amin'ny (bloc 15), ny mpianatra maintimolaly mivondrona ao amin'ny "Reseau ESPA" ny asabotsy 14 janvier 2023. Ity fikambanana ity dia ivondronan'ireo mpianatra maintimolaly avy eto an-toerana sy avy any ivelany. Ho mariky ny fandraisana anjara biriky dia nanolotra vary 1 gony (25kg), stylo sy cahier maromaro, ary menaka 2 litatra isan'olona. Efa hetsika faharoa moa ity hetsika ity, taorian'ny hetsika voalohany ny taona 2021 nentina nanohanana ireo zandriny nandritra ny valan'aretina Covid-19. Nisy ireo mpianatra tsy afaka niverina namonjy fodiana kanefa ny vatsy teo am-pelatanana tsy nisy, ka nahatsiaro nanana adidy ireo zoky namonjy ireo zandriny. Nanambara ny fikambanana fa hitohy hatrany ny asa sosialy kasain'izy ireo hatao.

**Mamie**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-12)

* Debara, frigo, fanaka, TV, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 432/15-15)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 433/20-15)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia... Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-12)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-12)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-14)

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (GBA 437/4-4)

### SERVICE

* Vidange fosse septique avec camion citerne, raclage à main. Tél : 034.35.660.74. (G-CL 446/2-2)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, puisard Makiplast, wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 445/15-4)

Miarinarivo

# Jiolahy azo sambo-belona maty voadaroka

Niharan'ny vono sy daroka nataon'ny fokonolona ny olon-dratsy iray azo sambombelona tao amin'ny toerana atao hoe Ambatonahantona, kaominina Zomabealoka, distrikan'i Miarinarivo, ny faran'ny herinandro teo. Namoy ny ainy io dahalo io ary araka ny fizahana natao dia feno ratra ny vatany manontolo. Manamarika izany ny fahitana ratra sy faritra mangana amin'ny tenany. Roa lahy izy ireto no nifanenjehan'ny fokonolona fa ny anankiray kosa velona soa aman-tsara ihany ary efa voatazona any amin'ny mpitandro ny filaminana. Ny lehiben'ny miaramila "DSS" Zomabealoka no nampandre ny zava-nitranga tany amin'ny komandin'ny brigady Miarinarivo mikasika ny fahatraran'ny fokonolona an'ireto dahalo ireto.

**Mangana**

Taorian'izay dia nidina nanao ny fizahana teny ifotony ny zandary miasa ao Soavimbazaha nijery ny zava-nisy marina. Mbola tratra tao an-toerana tokoa ilay dahalo izay fantatra fa lehilahy iray antsoina hoe Ratolojanahary Honoré (33 taona) mipetraka ao Andramananasy, fokontany Antanety, kaominina Miarinarivo. Mpanao taxi-moto io olona io ary voamarina fa niharan' ny fitsaram-bahoaka izy saingy avotra ihany ny ainy fa ny vatany no mangana. Ilay namany iray kosa efa maty, lehilahy antsoina hoe Randrianaridimy Jean Pierre, avy ao Ankidona, fokontany Ambatonahantona. Nentina any amin'ny tobim-paritry zandary Miarinarivo ilay dahalo iray velona fa ny maty kosa nomena ny havany taorian'ny fizahana. Na izany aza mbola tsy misy ny fitarainana na fitoriana avy amin'ny fianakavian'ny maty mikasika ity raharaha ity. Mitohy ny fanadihadiana.

**Ariel D.**

Androndra

# Jiolahy 4 saika hanafika maty voatifitra

Nirefodrefotra ny basy teny Androndra ny sasakalin'ny alarobia lasa teo. Nisy ny fifampitifirana teo amin'ireo polisy andaniny sy jiolahy ankilany tamin'io fotona io. Vokany dia jiolahy efatra no maty voatifitra nandritra izany ary nahatratrarana basy roa feno bala ihany koa teo amin'izy ireo tamin'io fotoana io. Araka ny fanazavana azo dia saika hanatanteraka fanafihana mitam-piadiana teny antoerana ireto jiolahy mitambasy ireto. Fantatra fa tokantrano iray no saika hataon'izy ireo lasibatra. Nanao ny asa fanaony toy ny mahazatra azy anefa ny polisy tamin'io alina io ka nandritra ny fotoana nandalovan'izy ireo nanao fisafoana teny no nifanehatra tamin'ireo andian-jiolahy mitam-basy. Vao nahita ireo mpitandro filaminana ry zalahy dia nitifitra ka voatery namaly tifitra araka izany ny polisy. Dia nisy ny fifandonana teo amin'ny roa tonta ka ireo lavon'ny balan' ny polisy io ireto jiolahy efatra ireto. Nony avy eo, rehefa nojeren'ny polisy ireo fitaovam-piadiana nampiasan'ireto farany nandritra io fifanjevoana io dia nahitana basy lava sy basy poleta feno bala. Nentina tany amin'ny tranom-patin' ny hopitaly ireo razana ireo taorian'izay miandry ny hakan'ny fianakaviany azy. Mitohy hatrany ny asan'ny polisy dia ny fiarovana sy fanampiana ny vahoaka.



**T.H**

Fianarantsoa

# Jiolahy mikononkonona fanafihana lavon'ny balan'ny polisy

Lehilahy iray izay voalaza fa jiolahy raindahiny amin'ny fanafihana mitam-piadiana no maty voatifitry ny polisy tao amin'ny fokontany Maromby, any Fianarantsoa, omaly. Araka ny fanazavana azo dia nikasa hanatanteraka fanafihana mitam-piadiana tany antoerana izy tamin'io fotoana io. Tsy neritreretiny mihitsy anefa fa efa nahazoan'ny polisy miasa ao Fianarantsoa loharanom-baovao ny mikasika izany fikononkononany nikasa hanao asa ratsy izany. Tsy niandry ela ireto mpitandro filaminana fa raha vao nahazo ny angom-baovao dia nandray ny andraikiny avy hatrany nanao fidinana ifotony tany amin'ilay toerana voalaza fa isian'ny fanafihana. Napetraka ny vela-pandrika rehetra mba hahatratrana ny jiolahy. Efa nandrasana fotsiny sisa izay fotoana hahatongavan'ilay olondratsy. Dia nifanehatra ny roa tonta avy eo. Tsy nisy fotoana nahafahan-dralehilahy nitsoaka intsony ka nisy ny fifanjevoana dia io nitarika tamin'ny fahafatesany tsy tra-drano io. Araka ny fanampim-panazavana dia jiolahy efa karohin'ny polisy any an-toerana mikasika io asa ratsy ataony io ihany ity lehilahy ity. Fantatra ihany koa fa efa mpanao fanafihana any amin'iny faritra Fianarantsoa sy ny manodidina iny ity lehilahy ity. Efa mandeha ny fikarohana ireo namany amin'izao fotoana izao. Mitohy ny fanadihadiana ataon'ny polisy any Fianarantsoa.

**T.H**

## Tatsy sy taroa

**# Lehilahy iray 25 taona tra-tehaka** teo am-pamakiana tranon'olona omaly tokony ho tamin'ny 8 ora maraina teny 67 ha avaratra andrefana. Nandritra ny fisafoana nataon'ny polisy no nahenoan'izy ireo fa misy trano iray nidiran'olona teny an-toerana. Nandeha tany amin'ilay trano ny polisy ka dia io tratra ambodiomby teo am-panaovana ny asa ratsiny io ralehilahy ka noraisim-potsiny. Tsy mbola nisy entana lasany tamin'io. Taorian'ny fisamborana dia nentina avy hatrany tany amin'ny biraon' ny polisy ralehilahy.

**# Lehilahy iray 28 taona no tratra nangarom-paosy teny Anosy afakomaly.** Nanao ny asany teny amin' ny toerana fiantsonan'ny fiara mikasika ny famongorana ny harom-paosy ny polisy avy ao amin'ny boriborintany fahadimy no nahatsikaritra ity lehilahy ity teo am-pangaroana paosin' olona mihitsy. Nosamborina avy hatrany izy. Nentina natao famotorana izy taorian' izay.

**T.H**

## Izy no izy

Rasolofonoroniaina Julia Mickaëlle na Mishah

# Nofinofiny fahakeliny ny hanampy ireo sahirana

*Rasolofonoroniaina Julie Mickaëlle na i Mishah, filoha mpanorina ny Pharmacie d'Anosizato, Filohan'ny VMMTF sy ny fikambanana FFAM, indray no vahiny anasan'ny Gazetiko ny mpamaky ny Izy no izy anio. Niaina tao anatin'ny fahasahiranana, nanao fanamby ny hanampy ireo sahirana izy fony fahakeliny. Nioitra mafy, ka noho izay fikirizana izay no nahatonga azy tamin'izao toerana misy azy ankehitriny izao.*

**Mpianatry ny EPP**

Manambady ary manan-janaka telo vavy. Zanak'olona niaina tao anaty fahasahiranana Ramatoa Rasolofonoroniaina Julia Mickaëlle na i Mishah, fony fahakeliny. Mpianatry ny EPP Ankirihiry Toamasina, be parasy kely ny tongony, kapakapa no fitondrany mianatra ary tsy nitondra afa-tsy kahie sy stylos iray izy tamin'izany. Teo amin'ny fahadimy taonany izy no efa nanao voady hoe : « *Indray andro any aho tsy maintsy ho tafita ary hanampy ny namako sahirana* ». Nihoitra mafy ny rainy, ka niarina tsikelikely ny fiainan'izy ireo. Niakatra teto Antananarivo, nanohy fianarana tao amin'ny EPP, tafiditra tao amin'ny sekoly katôlika Soanierana i Mishah. Tao amin'ny Lycée Française no nahazoany ny diplaoma Bakalôrea. Nilofo hatrany tamin'ny fianarana izy mba hanatrarany an'ilay tanjona fony fahakeliny. Isan'ny sedra teo amin'ny fiainany koa ny naha-bevohoka azy tamin'ny fotoana nanalana fanadinana bakalôrea, satria sady bevohoka izy no nianatra sy niasa.

**Manatanteraka ny nofinofiny**

Nanohy fianarana sy niasa tany am-pitandranomasina i Mishah taorian'ny nahazoany ny bakalôrea ary nitety firenena maro. Nahazo maripahaizana maromaro momba ny fitantanana amin'ny ankapobeny izy tamin'izany. Ankoatra izay « Technicien en pharmacie », manana ny diplaoma "Master II en droit International et diplomatie " ihany koa i Mishah. Mpandraharaha Filoha Tale Jeneralin'ny Pharmacie d'Anosizato, sy tranombarotra lehibe eny Anosizato ny tenany ankehitriny. Tsy nianona teo anefa izy fa miezaka manatanteraka ny nofinofiny hanampy ireo sahirana hatrany. Dimy taona lasa izay no nananganany ny fikambanana FFAM "Force Feminine d'Aide Mutuelle". Nahafahany nitety faritra maro teto Madagasikara nanaovana asa sosialy. Fikambanana, olona sahirana, mpanao fanatanjahantena, fiangonana tsy an-kanavaka, maro samihafa no efa nisitraka ny fanampiany. Nananganany ny VMMTF (Vondrona Maroloko Mpanome Tanana ny Filoha) indray ny volana desambra 2022 teo hanamafisana ny fandraisana andraikitra eto amin'ny tany sy ny firenena. Teny filamatra nentiny hatramin'izay ny hoe "*Raha te ho tafita amin'ny fiainana, dia mila manao fiaingan'ny fiaramanidina : miainga tsikelikely fa tonga lavitra, fa tsy tahaka ny angidimby : vetivety dia tafainga fa akaiky ny lalana vita*". Tsy mantsy tratra ny tanjona hoy izy !

**Reny mpiahy**

Na dia eo aza izany adidy aman'andraikitra sahaniny izany. Mametraka ny maha-reny mpiahy ny ao antokantrano azy hatrany i Mishah. Anisan'ny fialam-boliny ny mahandro sy mampianatra mahandro sakafo ny zanany. Tia mihira izy ary notsiahiviny fa anarana artista azony tamin'ny fiarahana nihira tamin'ny Bessa sy Lola tamin'ny taona 2005 io Mishah, hiantsoan'ny maro azy ankehitriny io.

**Nangonin'i T.H**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Nisy nahita**




## Hatsikana an-tsary

**Tsy mandinika**




## Masoandro miposaka

**Matio 11 : 25**


25 Tamin'izany andro izany dia namaly Jesosy ka nanao hoe: Midera Anao Aho, Raiko, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa nafeninao tamin'ny hendry sy ny manan-tsaina izany zavatra izany ka nasehonao tamin'ny zaza madinika.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Aza manao sakaiza manody.**

Ne trahissez pas vos amis.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2860

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 4 | 1 | | 8 | | | 7 | |
| | | | | | | 9 | 4 | |
| | | | | | 5 | 8 | | |
| | | 4 | | | | 2 | | 1 |
| 8 | 2 | | | 1 | | | 6 | |
| | | | | 6 | 4 | 7 | | |
| 3 | | | 7 | | | | | |
| | 5 | 8 | | | 2 | | | |
| 7 | 1 | | | 3 | | | | 6 |

Valin'ny laharana 2859

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | 7 | 9 | 3 | 4 | 1 | 2 | 5 | 8 |
| 2 | 5 | 3 | 6 | 7 | 8 | 9 | 4 | 1 |
| 4 | 1 | 8 | 5 | 9 | 2 | 3 | 7 | 6 |
| 7 | 3 | 2 | 9 | 8 | 5 | 6 | 1 | 4 |
| 8 | 6 | 5 | 1 | 3 | 4 | 7 | 9 | 2 |
| 1 | 9 | 4 | 7 | 2 | 6 | 5 | 8 | 3 |
| 9 | 2 | 7 | 8 | 1 | 3 | 4 | 6 | 5 |
| 3 | 8 | 6 | 4 | 5 | 9 | 1 | 2 | 7 |
| 5 | 4 | 1 | 2 | 6 | 7 | 8 | 3 | 9 |

Hetsika Iombonana ho an'ny Fanarenana Ifotony

# Mandrahona ny hitarika olona hidina an-dalambe

Tapitra ny 16 janoary teo ny iray volana nomen'ny Hetsika Iombonana ho amin' ny Fanarenana sy Fanorenana Ifotony an'i Madagasikara, na HIFFIM, tarihan-dry Joseph Yoland sy Manantsoa Victor ary Henri Rakotomanana, ho an'ny fitondram-panjakana tokony namoahan'ireto farany ny daty hanatanterahana ny fikaonandoham-pirenena hanomanana ny fifidianana sy handaminana ny olana ara-tsosialy eto amin'ny firenena. Tsy noraharahain'ny fahefana mpanatanteraka izany fitakiana izany ka naneho ny tsy fahafaliany ireo mpanao politika mivondrona eo anivon'ny HIFFIM ireo, omaly raha nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety teny



Mahamasina. Nandritra izany, nandrahona ny hitarika olona hidina an-dalambe sy hamaha ny krizy amin'ny alalan'ny krizy ry Joseph Yoland sy Manantsoa Victor ary Henri Rakotomanana (Riribe) tamin' izany. *"Vonona amin'ny fihetsiketsehana tsy maintsy atao miaraka amin'ny vahoaka malagasy hanavotana ity firenena ity izahay. Tsy azo ekena intsony izao fitondrana manao ny danin'ny kibony izao. Efa misy ny krizy ary ny famahana krizy dia krizy ihany koa. Sarotra ny hanaovana fifidianana amin' izao endriny izao. Na ny mpitondra fanjakana aza marisarisa hiroso amin' izany. Mitaky fifampidinihana izao vanim-potoana izao. Samy miteny izany daholo na mpitondra fivavahana na fiarahamonim-pirenena na mpanao politika sasany. Rehefa tsy hanao ny fitondrana dia handray ny andraikiny ny vahoaka »*, hoy ny Hetsika Iombonana ho amin'ny Fanarenana sy Fanorenana Ifotony an'i Madagasikara tamin'izany. Dia ho hita eo !

**Mamy R.**

Filoha Andry Rajoelina

# Feno efa-taona katroka omaly ny nanaovany fianianana

19-01-2019,19-01-2023 ! Feno efa-taona katroka omaly no nanaovan'Atoa Andry Rajoelina fianianana teny amin'ny kianjan'i Mahamasina. Fotoana izay manambara amin'ny fomba ofisialy ny fandraisany ny asany amin'ny maha Filohan'ny Repoblika azy. Tamin'ny alalan'ny fotoampitsarana manetriketrika izay notarihan'ny HCC no nandraisana ny fianianana izany nataony. Fanamby lehibe napetrany tamin' izany ny hitondrana fanovana ny fomba fitantanana ny firenena. Efa-taona aty aoriana, hita taratra sy misongadina ny bainga voavadika tamin'ny Velirano izay nataony. Maro ny ezaka vita teo amin'ny fanamboarana ireo fotondrafitrasa goavana izay tena ilain'ny vahoaka. Azo lazaina fa nosakanan'ny valanaretina covid-19 sy ady any Iokraina ihany anefa ny hafainganam-pandehan'ny TGV izay nentin'ny Filoha Andry Rajoelina, ka mila miarina haingana raha te ho tody any amin'ny tanjona farany. Mbola betsaka koa ny zavatra tsy vita sy mila hitondrana vahaolana maika. Taom-pifidianana rahateo ity taona ity, ka eo no hitsaran'ny vahoaka ny tsara sy ny ratsy nandritra ny fepotoam-piasana.

**JUDD**

Minisitra teo aloha Tsaranazy Jean Emile

# "Ny fivangongoan'ny fahefana eto Antananarivo no mahatonga ny olan'ny vahoaka"

Mahazo vahana ankehitriny ny fanehoan-kevitra ataon' ireo mpanao politika. Omaly dia ny minisitry ny Asa Vaventy teo aloha, ny jeneraly Tsaranazy Jean Emile, no nanao izany. Nambarany tamin'izany fa olana goavana eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao ny tsy fisian'ny fitsinjaram-pahefana tena izy. «*Ny fivangongoan'ny fahefana eto Antananarivo no mahatonga izao fahasahiranan'ny vahoka izao* », hoy izy. Nohamafisiny tamin' izany moa fa mbola azo atao tsara ny maka lasitra ny Boky Mena amin'ny fampiharana io fitsinjarampahefana io. "*Mbola tahirinkevitra azo ampiasaina tsara ny Boky Mena, satria ny 90 isan-jaton'ny voalaza ao dia azo ampiharina amin'ny asa fampandrosoana ny firenena* », hoy ihany izy. Momba ny antoko Arema izay niaviany, dia rariny loatra amin'ny fiainan' ny antoko raha tokony handrotsaka kandidà amin'ny fifidianana ho avy izy ireo. Ankoatra ireo, amin'ny maha minisitry ny Asa Vaventy azy teo aloha, dia nasiany resaka ny momba ny olan'ny RN2. Nilaza ny tenany fa tsy misy ny fikojakojana ity lalana ity ka simba tanteraka izy ankehitriny. Rariny, hoy izy, raha mitokona ireo mpitatitra amin'ny fiarabe noho ny fahasimban'ny lalala, satria dia izy ireo no mandoa ny vola ao anatin'ny « Fond Routier » entina mikojakoja ny lalana nefa tsy natao.

**JUDD**

Antoko HVM

# Hanao famelaberan-kevitra mikasika ny fomba hiatrehana ny raharaham-pirenena

Samy efa ao anatin'ny fanomanana tanteraka ny fifidianana ny mpanao pôlitika sy ny antoko mivonombona handray anjara. Kandidà 4 aloha hatreto no efa tsikaritra ho miroso lalindalina amin'ny fametrahana izany. paikady hiatrehana izany. Efa nandroso soso-kevitra ny hanatanterahana ny fifidianana filohampirenena, fihodinana voalohany, eo anelanelanelan'ny 19 ôktôbra sy 19 desambra rahateo ny Vaomiera Mahaleo Tena Misahana ny Fifidianana. Mandra-piandry ny datim-pifidianana hotapahina eo anivon'ny filankevitry ny minisitra, miainga amin'io tolo-kevitra nomarihina eo ambony io, tsikaritra ho efa mihetsiketsika fatratra ny mpanohana ny Filoha teo aloha, Hery Rajaonarimampiaina. Itsy farany izay tsiahivina fa efa nampahafantatra ny fahavononany hiverina an-tanindrazana ato ho ato. Ao anatin'izay fanomanana izay, nahazoam-baovao fa hanatanteraka famelabelaran-kevitra, arahina adihevitra mikasika ny fiatrehana ny raharaham-pirenena, ao anatin'ny varavarana misokatra, any amin'ny "Espace Rojo-Tsarasaotra", any Vakinankaratra ny antoko HVM, ny 21 janoary ho avy izao. Ao anatin'ny fandaharam-potoana, mandritra io roa andro io ihany koa ny fifanakalozana eo amin'ny samy mpikambana, hiresahana ny mahakasika ny tanora sy ny tontolon'ny pôlitika, ankoatra ny fandraisana mpikambana vaovao. Aorian'ny fihaonana any Antsirabe dia i Nosy Be indray no voalaza fa hanohizana ny famelabelarankevitra.

**V.R.**

## Marina izany !

### Ahiana tsy ho voafehy !

**Misesisesy ny fitokonana sy ny fitakiana ataon'ny sokajin'olona samihafa, tato ho ato. Ao ny mitaky karama. Misy ny mangataka ny hamoahana ny vatsimpianarany. Ny hafa mitokona tsy manohy ny asany, noho ny antony maro samihafa. Ny mpampianatra manambana tsy hanohy ny andraikiny, misy mihitsy ny efa nampiato ny asany. Ankoatra ireo, vao omaly no omaly no nanao fanambarana hiditra an-keriny ao amin'ireo trano fonenana vaovao, efa vita roa taona lasa ny mpianatra eny Ambohitsaina. Antony, noho ireo fotodrafitrasa ireo mipetra-potsiny nefa ny mpianatra mifanety amin'ny efitra tery sady manana olana amin'ny rano sy jiro. Izay ny mahakasika ny sôsialy, hamafisin'ny fahantrana lalina mianjady amin'ny ankamaroan'ny tokantrano malagasy sy ny olan'ny fahatapahan-jiro ary ny firongatry ny tsy fandriampahalemana, amoizana fananan'olona, eny hatramin'ny aina mihitsy, saika isan'andro. Tsy resahina intsony ny resaka pôlitika mampizarazara ny olom-pirenena, raha tsy hampahatsiahy afa-tsy ny fifamaliana sy ny fifanaratsiana, eny hatramin'ny fifanalam-baraka mihitsy aza, mivoaka eny amin'ny tambajotra sôsialy, taorian'ny fotoam-pivavahana teny Analamahitsy, tamin'ny alahady lasa teo. Ny zavatra tsikaritra dia tsy azo tohinina ny ankamaroan-dRamalagasy tato ho ato, vokatr'ireo tranga samihafa tanisaina eo ambony ireo. Fihetseham-po sy fihetsika ahiana ho tsy voafehy, raha toa ka tsy miezaka mitady ny fomba hampitoniana ny toe-draharaham-pirenena ny tompon'andraikitra isantokony. Iretsy farany izay heverina fa tokony hahatsapa ny andraikitra maha raiamandreny iombonana azy fa tsy sanatria izy ireo indray no hampirisika ny mpanohana azy handrehitra afo!**

Voahangy Rakotozafy

Tafika malagasy

# Eny an-kianja mamonjy ireo traboinan'ny rivodoza Cheneso

Efa niomana tanteraka ny tafika malagasy hiatrehana ny fandalovan'ny rivo-doza. Tsy hotampohin'ny loza intsony araka izany ny vahoaka fa efa miatrana eny an-kianja mamonjy ny traboina amin'izao rivodoza Cheneso izao ny miaramila. Eny an-kianja izy ireo tahaka ny efa nataony hatramin'izay ary tafapetraka ihany koa ny foibem-pibaikoana, na ilay antsoina hoe "Centre des Opérations" ho an'ny rivodoza ao anivon'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena. Nijery ny fizotran'ny asa sy nanome toromarika an'ireo miaramila tomponandraikitra amin'izany ny Jeneraly Richard Rakotonirina minisitry ny Fiarovam-pirenena sady minisitry ny Raharahambahiny mpisolo toerana,omaly. *"Ity ivontoerana fibaikoana ity dia mandrindra ny asan'ny miaramila sy manao ny fanangonam-baovao mahakasika ny rivodoza. Araka ny baikon'ny minisitra (MDN) dia manao ny fomba hamonjena ny olona sy ny traboina izy ireo. Efa nanomana tamin'izany ny tafika amin'ny alalan'zay fitaovana aeo am-pelatanana. Mifampiraharaha amin'ny ministera hafa ihany koa ary ampiasaina amin'ny maha mety azy ny fitaovana. Tanjona ny hanakelezana ny fangirifirian'ny olona traboina ary hanamaivana ny fiantrakan'ny rivodoza amin'ny vahoaka malagasy»*, hoy ny jeneraly Josoa Rakotoarijaona, Tale Jeneralin'ny "planification stratégique" ao amin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena. Marihina fa fa efa vonona sy am-perinasa tanteraka ihany koa ireo miaramila avy ao amin'ny Sampana Vonjy Voina, na "CPC" sy ny "Bataillon Génie" ary "Bataillon Médical" anatin'izao fandalovan'ny rivodoza izao.

**Fandriam-pahalemana**

Tsiahivina fa nanolotra fitaovana toy ny « *Caméras de surveillance, drones sy postes de télécommunication* » ary fitaovana entina mifampita vaovao ara-potoana sy manaramaso ny fandriam-pahalemana hampiasain'ny Minisiteran' ny Fiarovam-pirenena ny minisitry ny Fampiroboroboana ny Haitao sy ny Fanovana ny haitao ara-kajimirindra, ny paositra sy ny fifandraisan-davitra, Andriamatoa Tahiana Razafindramalo. Hahafahana manatsara ny fandriampahalemana eto Madagasikara indrindra eto an-drenivohitra ny fampiasana azy ireo ary efa natomboka tamin'ny fametrahana "caméra de surveillance" miisa 1200 manerana ny renivohitra sy ny manodidina izany.

**Ariel D.**


Telma
SPONSOR OFFICIEL
ISIKA MIARAKA @
BAREA
CHAN
MADAGASCAR
VS
SOUDAN
Telma TV
ALATSINAINY 23 JANOARY @ 10 ORA ALINA
GCL 405/2-2